



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

TONDRON'NY FITANTANANA IFOTONY (TFI na IGL)

FITAOVANA HANAOVANA
TOMBANA ANATINY HO
AN'NY KAØMININA ETO
MADAGASIKARA



Fiaraha-miasa miaraka amin'ny :



TENIN'NY MINISITRA

Anisan'ny laharampahamehan'ny politika ankapobeny ny fanjakana izay niainga avy tao anatin'ny Initiative pour l'Emergence de Madagascar (IEM) ny fampiharana ny fitsinjaram-pahefana tena izy, ka misongadina ao amin'izany ny fanamafisana ny demokrasia, ny fanjakana tan-dalàna ary koa ny fampiroboroboana ny fitantanana tsara sady mahomby eny anivon'ny Kaominina.



Velirano faha-12 nataon'ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA ny fahavitantena sy fampandraisana andraikitra ireo vondrombaoko itsinjarampahefana. Anisan'ny dingana lehibe hanatanterahina izany ny firosan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana amin'ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana eto Madagasikara mba hisian'ny tena fampandrosoana miainga avy eny ifotony.

Mba banana fahaiza-manao mahakasika ny fomba fitantanana eny anivon'ny Kaominina ka ahafahana mandrefy ny ezaka vita sy hitondrana fanatsarana ny fomba fiasa dia novolavolaintsika ny maridrefin'ny « Tondron'ny Fitantanana Ifotony (TFI) na Indice de Gouvernance Locale (IGL) teto Madagasikara.

Amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka, dia fifaliana noho izany ny mamoaka ity boky toro-lalana **“Tombana anatiny Tondron’ny fitantanana Ifotony”** ity na Guide d’auto-évaluation de l’Indice de Gouvernance Locale ho an’ny Kaominina. Izy io no ho fitaovana eny am-pelantanana hanaovana jery tombana (auto-évaluation) ny ezaka atao amin'ny fampiharana ny fitondrana tsara tantana.

Omena maimaimpoana ny Kaominina rehetra eto Madagasikara ity fitaovana ity :

- Entina hanaovana tombana anatiny ny fitantanana izay tsy misy fanampiana avy any ivelany fa ny Kaominina ihany no manataneraka izany;
- Ho fitaovana mahomby ampelatanana ahafahana mijery ny fihatsaran'ny fitantanana aorian'ny ezaka fanatsarana izay atao;
- Ahafahan'ny Kaominina manao fanazaran-tena amin'ireo izay asa tokony hatao manaraka ny fepetra takiana araka ny lalàna;
- Ary ahafahana miomana sahady amin'ny fanatanterahana ny fanadihadiana tondron'ny fitantanana Ifotony.

Ny fisian'ny fitaovana toy izao no ahatomombana ny fomba fiasa sy mitondra mankany amin'ny fahombiazan'ny Kaominina mba ahazoana vokatra tsara sy maharitra amin'ny fitantanana; ahafahana mandroso drafitra fanatsarana ahatongavana ho any amin'ny tanjon'ireo VELIRANO 13.

Eto am-pamaranana, dia tiako ny maneho etoana ny fisaorana feno ny rehetra izay nandray anjara tamin'ny fanatontosana ity boky torolàlana ity, ary mampahery sy mamporisika mandrakariva ny Kaominina rahetra ny tenako mba ho tonga amin'ny tsara kokoa hatrany sy ahomby lalandava amin'ny fitantanana.

Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana



FANOROAM-PEJY

TENIN'NY MINISITRA	p.3
FANOROAM-PEJY	p.4
FANAFOHEZAN-TENY	p.6
I. TORO-LALANA AMIN'NY FANAOVANA TOMBANA ANATINY	p.7
1.Fampidirana sy famaritana ankapobeny	p.8
1.1. Kaominina	p.8
1.2. Kaominina Tsara Tantana	p.8
1.3. Fitaovana Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL)	p.8
1.4. Fitaovana Tombana Anatiny	p.8
1.5. Tanjon'ny fitaovana	p.8
2. Firafitry ny boky toro-lalana	p.9
3. Ny hiantefan'ny boky toro-lalana	p.9
4. Ny fitaovana tondron'ny fitantanana ifotony (IGL) sy ny tombana anatiny	p.10
4.1. Ny antom-pisian'ny tombana anatiny	
Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL)	p.10
4.2. Fototra ijoroan'ny fitaovana Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL)	p.10
4.3. Tombontsoa ho an'ny kaominina	p.11
5. Ny antom-pisian'ny tombana anatiny	p.12
5.1. Nahoana no tombanana ny fitantanana ifotony na ny fitondrana tsara tantana ?	p.12
5.2. Fetran'ny fitaovana fanombanana anatiny	p.12
5.3. Mikasika ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra Lovain-jafy	p.13
5.4. Fanatsarana ny fitaovana hanaraka ny zava-misy	p.13
5.4.1. Fototra iorenan'ny fanavaozana ny fitaovana tombana anatiny	p.13
5.4.2. Fanatsarana nentina tamin'ny fitaovana fanombanana anatiny	p.14
6. Fanatanterahana ny tombana anatiny Tondron'ny Fitantanana Ifotony	p.14
6.1. Ireo singa ao anatin'ny fitaovana fanaovana tombana anatiny	p.14
6.2. Fandrindrana sy fitarihana ny fanaovana tombana anatiny	p.15
6.2.1. Mpandrindra sy tompon'andraikitra voalohany	p.15
6.2.2. Mpandray anjara sy mpitantsehatra	p.15
6.2.3. Fitsinjarana asa	p.15
6.2.4. Fotoana hanatanterahana ny tombana anatiny sy ny faharetany	p.15

FANOROAM-PEJY (TOHINY)

6.3. Ireo Dingana fanatanterahana ny tombana anatiny	p.16
6.3.1. Fanomanana	p.16
6.3.2. Fanatanterahana	p.19
6.3.3. Fandrafetana ny Drafitr'asa Fanarenana	p.20
6.3.4. Fanambarana ny vokatry ny tombana anatiny ary ny drafitr'asa laharam-pahamehana ho fanarenana ireo lesoka	p.20
6.3.5. Fanaraha-maso sy fanombanana ny ezaka	p.21
7. Fomba fanomezana naoty	p.21
8. Voam-bolana sy fanazavan-teny	p.22
II. FITAOVANA HANOAVANA NY TOMBANA ANATINY	p.23
1. Rijam-panontaniana manokana	p.24
2. Raki-panontaniana hitrandrahana ireo antontan-kevitra	p.35
2.1. Antonta-kevitra ankapobeny mikasika ny kaominina sy ny sehatra teknika	p.35
2.2. Antonta-kevitra fandraisana anjara, fampiatina, fitoviana	p.41
2.3. Antonta-kevitra fomba fiasa maetraka fangaraharna sy tatitra ho an'ny vahoaka	p.51
2.4. Antonta-kevitra fanjakana tan-dalana	p.61
2.5. Antonta-kevitra fahombiazana sy fijerena ireo seha-pampandrosoana rehetra	p.69
3. Naoty tombana anatiny Tondron'ny Fitantanana Ifotony	p.79
III. TANJON'NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA LOVAIN'JAFY (ODD) SY NY TONDROZOTRA (INDICATEURS)	p.80
IV. DRAFITRASA HO FANARENANA NY FITANTANANA IFOTONY	p.84

FANAFOHEZAN-TENY

ADER	: Agence de développement de l'électrification rurale	INSTAT	: Institut National de la Statistique
AGPM	: Avis général de passation des marchés	JIRAMA	: Jiro sy rano Malagasy
AGR	: Activités génératrices de revenus	LMM	: Lahadiniky ny Mpanatanteraka sy ny Mpanolo-tsaina
AMI	: Appel à manifestation d'intérêt	LV	: Lahadiniky ny Vahoaka
BCMM	: Bureau des cadastres miniers de Madagascar	MI	: Manifestation d'intérêt
BIF	: Birao Ifotony Fananan-tany	MID	: Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation
CAO	: Commission d'appel d'offres	MFB	: Ministère du Finance et de Budget
CDIS	: Chef de district	ODD	: Objectifs de Développement Durable : Tanjona ho an'ny Fampandrosoana Lovain-jafy
CEG	: Collège d'enseignement général	PPM	: Plan de passation des marchés
CGI	: Code général des impôts	PTI	: Plan triennal d'investissement
CISCO	: Circonscription scolaire	PV	: Procès-verbal
CSB	: Centre de santé de base	SAC	: Schéma d'aménagement communal
CTD	: Collectivités territoriales décentralisées	SEC	: Secrétaire d'Etat-Civil
DAO	: Dossier d'appel d'offres	SLC	: Structure locale de concertation
DC	: Dossier de consultation	SSD	: Service de santé de district
DCP	: Direction de la Comptabilité Publique	STD	: Service technique déconcentré
DG	: Direction Générale	SSEPC	: Service du Suivi et d'Encadrement des Postes Comptables
DGT	: Direction Générale du Trésor	TC	: Trésorier communal- Mpitam-bola sy kaontin'ny Kaominina
EAH	: Eau, assainissement et hygiène	TFI	: Tondron'ny Fitantanana Ifotony
EPP	: Ecole primaire publique	TVA	: Taxes sur la valeur ajoutée
FM	: Fijerena mivantana	UGPM	: Unité de gestion de la passation des marchés
GMP	: Gestion et mise en œuvre des Projets		
IGL	: Indice de gouvernance locale		

I. TOROLALANA AMIN'NY FANAOVANA TOMBANA ANATINY

I. FAMPIDIRANA SY FAMARITANA ANKAPOBENY

1.1. Kaominina

Ny atao hoe kaominina dia vondrombaokoam-paritra itsinjaram-pahefana farany akaiky indrindra ny vahoaka. Ny Birao Mpanatanteraka (BE) + Mpanolotsaina (Délibérant) + Vahoaka/ Fokotany / Fikambanana Rafitra Ifotony Fikaonan-doha + Sampadraharaham – panjakana no mandrafitra azy. Tsy mandroso amin'ny tokony ilàna azy ny kaominina raha sendra tsy ao ny iray amin'ireo rafittra ireo. Tsy mandroso ihany koa ny kaominina raha tsy misy ny fitondrana tsara tantana.

1.2. Kaominina Tsara Tantana

Ny atao hoe Kaominina tsara tantana dia mampihatra ny mangarahara amin'ny fitantanana, mampandray anjara ny rehetra, tsy manavakavaka, manaja ny lalàna velona, manao ny tamberin'Andraikitra, mahomby amin'ny fanatanterahana asa, mijery ny sehatra fampandrosoana rehetra (sosialy, ekonomika...).

1.3. Fitaovana Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL)

Ny fitaovana “*Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL)*” dia handrefesana ny ezaka vitan’ny Kaominina hampihatra ny fitondrana tsara tantana ifotony amin’ny alàlan’ny fanomezana isa azy.

1.4. Fitaovana Tombana Anatiny

Ity fitaovana ity dia entina hanampiana ny Kaominina hanaovany tombana anatiny mahakasika ny fomba fitantanany, izay niainga avy tamin’ny boky torolalana fototra amin’ny fanatanterahana sy fanangonana ny antontan-kevitra fanadihadiana ny Tondron’ny Fitantanana Ifotony (TFI) na Indice de Gouvernance Locale (IGL) izay fitaovana iray navoakan’ny Ministeran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ahafahana mandrefy ny fitondrana tsara tantana eny Ifotony.

1.5. Tanjon’ny fitaovana

Ny tanjona dia ny ahazoana ireo antontan’isa sy hevitra momba ireo lohahevitra IGL amin’ny alàlan’ny fandininhina sy firesahana ka anaovana tombana anatiny miaraka amin’ny mpitontra ny kaominina sy resadresaka iarahan’ireo mponina mpisehatra eo an-toerana.

Raha isaky ny telo taona ny faharetana fanaovana ny Tondron’ny Fitantanana Ifotony eto Madagasikara, ny Kaominina kosa dia afaka manao isan-taona ho fampiharana izay miainga avy amin’ity fitaovana ity.

2. NY FIRAFITRY NY BOKY TORO-LALANA

Ity torolalana ity dia manazava ny tsipika fototra momba ny fanombanana ifotony, ary koa ny fandraisana andraikitry ny mpisehatra ao anatin'ny kaominina amin'ny fanatanterahana izany, ka anisan'izany ny fandrindrana sy ny fitsinjarana asa ao anatiny.

Ny tanjon'ny torolalana dia natao hanamorana ny fahazoana ireo antontan'isa sy hevitra momba ireo lohahevitra IGL amin'ny alàlan'ny fandinihina na fijerena mivantana, resadresaka atao miaraka amin'ny mpitondra ny kaominina sy resadresaka iombonana miaraka amin'ny vahoaka eny ifotony.

Ity fitaovana Tombana Anatiny Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL) ity dia mizara efatra mazava tsara:

- Torolalana manazava ny tsipika fototra momba ny fanombanana ifotony, ary koa ny fandraisana andraikitry ny mpisehatra ao anatin'ny kaominina amin'ny fanatanterahana izany anisan'izany ny fandrindrana sy ny fitsinjarana asa ao anatiny.
- Raki-panontaniana ho an'ny mpitantana ny fanombanana eo anivon'ny kaominina
- Tatitra momba ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra lovain-jafy (ODD) sy ny tondrozotra
- Drafitr'asa fanarenana sy fanatsarana ny fitantanana eny ifotony

3. NY HIANTEFAN'NY BOKY TOROLALANA

Ity toro-lalana ity dia atolotra sy omena ny tompon'andraikitra rehetra izay miasa sy mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny Kaominina. Singanina manokana ireo tompon'andraikitra izay manana anjara mivantana fanantanterahana ny tombana anatiny toy ny : (i) mpanatanteraka rehetra sy ireo mpanapan-kevitra Kaominaly, (ii) indrindra ireo ekipa mpanatanteraka manana toerana manomboka amin'ny Ben'ny Tanàna na Filohan'ny delegasiona manokana, ny Ben'ny tanàna lefitra, ny mpitam-bola Kaominaly, ny mpiandraikitra sy ny sekretera sorampiankohonana ary ny mpitantana ny fitaovan'ny Kaominina.

4. NY FITAOVANA TONDRON'NY FITANTANANA IFOTONY (IGL) SY NY TOMBANA ANATINY

4.1. Ny antom-pisiany sy ny fototra iorenan'ny Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL)

Avy amin'ny atontan'isa sy hevitra voaangona no ahazoana ny maridrefin'ny fitondrana tsara tantana ny kaominina. Tsoahina avy amin'izany ny fanamafisana ny fahaiza-manao ho azy mba:

- Hanatsarana ny fahaiza-manaon'ny tompon'andraikitra kaominaly momba ny fitondrana tsara tantana sy fitompoan-drahahaha kaominaly;
- Hanohanana sy hanampiana ny kaominina hampihatra sy hanaja ireo didy amandalàna eo am-panatanterahany ny asany;
- Hanatsarana ny fifampiresahana eo amin'ny ministera isan-tsokajiny, ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ny vahoaka ahafahana miantoka ny fampandehanana ireo fotodrafitr'asa novatsiana;
- Hanatsaran'ny kaominina hatrany ny fitantanana ifotony.

4.2. Fototra ijoroan'ny fitaovana Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL)

Ity fitaovana ity dia mifanindran-dalana amin'ny raki-panontaniana fototra mahakasika ny Tondron'ny Fitantanana Ifotony (IGL) ka narindra mba ho fitaovam-piasan'ny Kaominina hanatsarany ny fomba fiasa sy ny fitantanany.

Noho izany dia mifototra amin'ny andry 4 momba ny fitondrana tsara tantana ity fitaovam-pandrefesana ity. Ireto avy izany fenitra izany:

- Ny fandraisana anjaran'ny olompiренена, ny tsy fanavakavahana sy fitoviana,
- Ny mangarahara sy ny fanaovana tatitra ho an'ny vahoaka,
- Ny fanjakàna tandalàna,
- Ny fahombiazana ary ny fijerena ireo seha-pampandrosoana rehetra

TONDRON'NY FITANTANANA IFOTONY			
FANDRAISANA ANJARA, FAMPIATINA, FITOVIANA	FANGARAHARANA SY TATITRA HO AN'NY VAHOAKA	FANJAKANA TANDALANA	FAHOMBIAZANA SY FIJERENA IREO SEHA- PAMPANDROSOANA REHETRA
A1- Fampandraisana anjara			
A2 -Fandraisana anjara amin'ny fanatanerahana ny drafitr'asa fampandrosoana			
A3- Schattra ffanakalozan-kevitra			
A4 - Fampandraisana anjara ny vevihavay			
A5- Fiahiana ireo vondron'olona marefo			
B1- Fahafahan'ny vahoaka mahazo vaovao mikasika ny drafitr'asa sosialy sy ara-toekarena			
B2- Finiavan'ny vahoaka hahazo vaovao			
B3. Fahafahan'ny vahoaka mahazo vaovao mikasika ny tsenam-panjakana			
B4- Fangaraharana amin'ny fanapahan-kevitry ny kaominina			
C1- Fampiharana ny lalana			
C2- Fanarahana ireo paika fitantanana sy fanaovana tsenam-panjakana			
C3- Fanarahana ny lalana mikasika ny fitantanam-bola sy ny paika fitanana kaonty			
C4 – Fitantanana ny sora-piankohonana			
D1- Fahafaham-po amin'ny tolotr'asa			
D2- Fahazoana ireo tolotr'asa sosialy fototra			
D3- Fahombiazana sy tanjaka ara-bola			
D4- Fijerena ireo seha-pampandrosoana rehetra			

Ny tanjona dia ho fanatsarana ny fitantanana eny ifotony. Mahavita manatanteraka fanombanana anatinny ny IGL ny Kaominina ary mandray fepetra ho fanarenana ny lesoka isaky ireo andry mandrafitra ny fitondrana tsara tantana.

4.3. Tombotsoa ho an'ny kaominina

Ahafahany mijery ny tanjany sy ny fahaosany mahakasika ireo paik'ady amin'ny fampandehanan-draharaha eo aminy, ary manampy azy amin'ny fanatanerahana sy fandrafetana ireo zava-kendrena sy ireo vina mba ahatsara (teti-bola, drafitr'asa, ary ny drafity ny fahombiazana).

Fandrafetan'ny kaominina ny paik'ady fanarenana ara-potoana ho fanatsarana ny fitantanana ifotony.

Manome ny mpiara-miombon'antoka sy ny manam-pahefana ary ny ministera mpiahy ny fomba fijery amin'ny firafitry ny fitantanana ifotony amin'ny alalan'ny fampiakarana ny antontan-kevitra sy ny vokatry ny fanadihadiana.

5. NY ANTOM-PISIAN'NY TOMBANA ANATINY

5.1. Nahoana no tombanana ny fitantanana ifotony na ny fitondrana tsara tantana ?

Ny Tombana anatiny Tondron'ny Fitantanana Ifotony dia ampiasain'ny kaominina mba ahafahany mankasitraka ny ezaka ataony amin'ny fampiharana ny fitondrana tsara tantana eo amin'ny faritra misy azy, amin'ny alàlan'ny fahafantarana ny fivoarana ary fanomezana isa ny tenany. Avy amin'ireo angon-drakitra sy ny antontan-kevitra voangona, ny tompon'andraikitra dia afaka manovo lesona sy hetsika fanamboarana fahaiza-manao mba hametrahana drafi-panarenana hanatsarana ny toe-pitantanana amin'ny toerana misy azy ireo.

Ny Tombana anatiny Tondron'ny Fitantanana Ifotony noho izany dia fitaovana hampiroboroboana ny fitantànana ifotony, ny fitsinjaram-pahefana ary ny demokrasia andraisan'ny rehetra anjara ary koa fitaovana fanombanana anatiny ho an'ny Kaominina amin'ny lafiny fitantanana-draharaham-panjakana sy fampandraisana anjara ireo sehatra samihafa eo an-toerana.

Ny fampiasana fitaovam-pampandrosoana hanatsarana ny fitantanana, ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena, ary ny mangarahara dia endrika iray hanakanana sy hiadiana amin'ny kolikoly ary mety ho lasa paikady fototra hananganana governemanta misokatra ho an'ny fampandrosoana maharitra.

Ny fanombanana anatiny IGL dia hahafahan'ny kaominina sy ny mpiara-miombon'antoka aminy mametraka ny paik'ady hanohanana ny fanatsarana ny fomba fitantanana ao anaty fohy ezaka.

5.2. Fetran'ny fitaovana fanombanana anatiny

Ny fitaovana dia mahasahana ny lafiny fitantanana ho an'ny kaominina ambanivohitra sokajy faharoa mikasika ny andry efatra voafantina. Ny fomba fitantanana ny kaominina no mibahan-toerana ato izay ahitana ireo singa fototra ny fitondrana tsara tantana ifotony mba hisian'ny fahaiza-manaon'ny Kaominina manaraka ireo fenitra sy fepetra takian'ny lalàna manankery. Na izany aza, misy ny lafiny sasany izay tsy voakasika mivantana toy ny fiantraikany maharitra, ny fahombiazana, sns.

Ho an'ny Kaominina ambanivohitra sokajy voalohany sy ny Kaominina Ambonivohitra kosa dia misy fanontaniana hafa sy miova mahakasika ny fitantanam-bola sy teti-bola araka ny zava-misy iainan'izy ireo.

5.3. Mikasika ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra Lovain-jafy

Ny IGL dia efa misy endrim-panontaniana mifandraika amin'ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra Lovain-jafy (na ODD na Agenda 2030) ka afaka hanatsoahan'ny Kaominina ny haavon'ny zava-bit amin'ny tondrozotra (Indicateurs ODD) mifandraika amin'ny faritra misy azy ireo. Ny fanaovana tatitra mikasika ny ODD dia tsy manova ny fomba fitondrana ny fandrefesana.

5.4. Fanatsarana ny fitaovana hanaraka ny zava-misy

Efa nisy ny fitaovana tombana anatin'y IGL andiany voalohany ary ezahina havaozina hanaraka ny zava-misy eny amin'ny Kaominina sy eto amin'ny firenena izany.

5.4.1. Fototra iorenan'ny fanavaozana ny fitaovana tombana anatin'y

Fankatoavana ny fototra iorenany : Tsy ovaina ny fomba firesaka amin'ny fitaovana nasionaly (mijanona ho mitovy ny fanontaniana rehetra)

Fijerena ireo dingana vita :

- a. Antontan'isa azo tamin'ny fidinana ifotony teo aloha nataon'ny MID (DGD, FDL, INDDL, ODDL...) niaraka tamin'ny fandraisana anjaran'ny mpiara-miombon'antoka (PAPSP/PREA/BM, ARSF, ProDéCID/GIZ, PADRC/PNUD, CRS ...)
- b. Ezaka eny anivon'ny distrika amin'ny fanapariahana ny fitaovana sy ny antontan-kevitra mikasika izany (Tantsoroka ho an'ny Kaominina – drafity ny distrika, ivon-toerana (centre de ressources) isaky ny distrika.

Fampiasana ny fitaovana :

- a. Fanentanana, Fampahalalana, Fanofanana
- b. Fahafantarana tsara ny filàna, ny kolontsaina ary ireo sakana mety hisy

Fampiharana :

- a. Momba ny fomba fanangonana ireo antontam-pahalalana takiana
- b. Famakafakana araky ny toe-java-misy eo an-toerana hamantarana ireo lesoka sy vahaolana
- d. Famolavolana drafitra fanarenana sy fampivoarana manokana isaky ny kaominina

Fomba fanaraha-maso sy fanombanana :

- a. Famakafakana, fandinihana sy fianarana
- b. Fandrafetana ny filana isan-tsokajiny avy amin'ny mpiara-miombon'antoka

5.4.2. Fanatsarana nentina tamin'ny fitaovana fanombanana anatiny

- a) Fijerena manokana ny zava-misy eny ifotony
- b) Fandrindrana ny fizotran'ny dingana, ny fanangonana ny antontan-kevitra, ary ny fandaminana ny angon-drakitra sy ny fanangonam-baovao amin'ny zava-misy eo an-toerana.
- d) Fijerena sy fampidirina ny singa laharam-pahamehana amin'ny ODD ka mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana ary fanatsoahana tatifittra mifanaraka amin'izany.

6. FANANTERAHANA NY TOMBANA ANATINY TONDRON'NY FITANTANANA IFOTONY

6.1. Ireo singa ao anatin'ny fitaovana fanaovana tombana anatiny

Ny fitaovana fanaovana tombana anatiny ny Tondron'ny Fitantanana Ifotony dia ahitana ireto singa manaraka ireto:

- ◊ Toro-lalana ny amin'ny fitarihana sy fanantaneraha ny fanaovana tombana anatiny
- ◊ Rija-panontaniana manokana miisa efatra (04):
 - Tombana momba ny teti-bola, ny fitantanam-bola ary ny fitazonana kaontim-bola
 - Tombana momba ny fitompoan-draharaha kaominaly, fitantanana tetik'asa sy fanaovana tolo-bidy
 - Tombana momba ny fanetsehana ireo loharanom-bolan'ny Kaominina
 - Tombana momba ny fitan-tanana ny soram-piankohonana eo anivon'ny kaominina
- ◊ Raki-panontaniana dimy (05) araka ny lohahevitra:
 - Antonta-kevitra ankabobeny mikasika ny kaominina sy mahakasika ny sehatra teknika isan-tsokajiny
 - Rija-panontaniana mahakasika ny fandraisana anjara, tsy fanavakavahana, fitoviana
 - Rija-panontaniana mahakasika ny fomba fiasa mametraka fangaraharana sy tatitra ary tamberin'andraikitra
 - Rija-panontaniana mahakasika ny fampiharana ny fanjakana tan-dalàna
 - Rija-panontaniana mahakasika ny fahombiazana ara-pitantanana sy ny fijerena ireo seha-pampandrosoana rehetra
- ◊ Ireo singa ireo no anatsoahana ny tatitra mahakasika ny ODD na Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra Lovain-jafy amin'ny farany.

6.2. Fandrindrana sy fitarihana ny fanaovana tombana anatiny

6.2.1. Mpandrindra sy tompon'andraikitra voalohany

Ny mpandrindra sy tompon'andraikitra voalohany mandritra ny fanombanana anatiny IGL dia ny Ben'ny tanàna.

Afaka manolotra izany andraikitra izany amin'ny mpiasa ao amin'ny kaominina na rafitra ivelany izy raha izay no heveriny fa hanamora ny fitantanana ny asa. Io olona voatendry io no mpandrindra ny asa rehetra ary izy no miandraikitra manokana ny fanomanana, fampahafantarana, fanetsiketsehana, fanomezam-baovao sy fanaraha-maso ny fizotra sy ny fanantanterahana ny tombana anatiny amin' ireo mpitantsehatra rehetra voakasika.

Ny fanaraha-maso ny fanantanterahana ireo dingana sy famenoana ireo fisy rehetra ireo dia anisan'ny andraikitra lehibe raisin'ny mpandrindra.

Ny fomba fanendrena ny mpandrindra nomena fahefana dia amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra (décision) noraisin'ny Ben'ny tanàna.

6.2.2. Mpandray anjara sy mpitantsehatra

Ny mpikambana ao amin'ny ekipan'ny mpanatanteraka sy mpikambana ao amin'ny mpanolontsaina dia samy manana andraikitra amin'ny fanombanana anatiny. Ny andraikitra teknika dia ankinina amin'ny ekipa mpanatanteraka, miainga amin'ny Ben'ny tanana, Ben'ny tanana lefitra, ny Mpitahiry vola, ny Sekretera isan-tsokajiny ary ny Mpitantana ny fananan'ny kaominina.

Manampy azy ireo ny mpanolontsaina kaominaly, ny sampandrahaharam-panjakana anamparaham-pitondrana (STD) sy ny solo-tenan'ny vahoaka na ny mpikambana avy ao amin'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha (na SLC).

6.2.3. Fitsinjarana asa

Zaraina isaky mpisehatra ireo lohahevitra (andry) mba tsy havesatra sy ho sakana amin'ny asan'izy ireo andavan'andro.

Mba hanamorana ny asa dia nozaraina ho singa (araka ny andry) ny fitaovana ary samy manana tompon'andraikitra ny singa tsirairay.

6.2.4. Fotoana hanatanterahana ny tombana anatiny sy ny faharetany

Amin'ny ankapobeny ny fotoana tsara indrindra anaovana ny tombana anatiny dia ny volana jolay hatramin'ny volana Desambra satria amin'izay fotoana izay dia efa vita sy eo ampelatanan'ny Kaominina avokoa ireo fitaovana sy boky ary antontan-taratasy ilaina hanatanterahana ny tombana anatiny. Ny tombana anatiny dia atao isan-taona farafahakeliny.

Mba ahafahana mahazo ny vokatra tsara dia ilaina ny mametraka fotoana tsy mihazakazaka be fa tena alamina mifanaraka amin'ny asa tanterahin'ny mpiasan'ny Kaominina sy ny

fandaharam-potoana mety. Tsara raha eo amin'ny roa herin'andro eo no anaovana izany ka irina ny mpitantsehatra rehetra no miara-maneho sy miara-manatanteraka ny tombana anatiny. Mandritra ny fotoana hanatanterahana ny tombana, ny mpiasan'ny Kaominina dia miezaka mandamina ny asa aman-draharahany avy.

6.3. Ireo Dingana fanatanterahana ny Tombana anatiny

6.3.1. Fanomanana

Ny fanomanana no fanalahidy tsara indrindra mahatsara ny tombana anatiny izay atao. Alamina sy apetraka tsara ny fotoana hanatanterahana ny tombana anatiny. Omanina tsara ny mpisehatra ary ampahafantarina mialoha ny zavatra atao sy ny programa rehetra ary ny fitaovana ilaina mba hahafahany miomana amin'ny adi-hevitra.

1. Fampahafantarana sy fanofanana ny mikasika ny Maridrefin'ny Fitantanana Ifotony - IGL

Alohan'ny hanaovan'ny kaominina ny tombana anatiny dia misy ny fampiofanana manokana ny Ben'ny Tanana, Ny Filohan'ny Filankevitra ary ny Mpiandraikitra ny Boriborin-tanim-panjakana (CAA) makasika ny maridrefin'ny fitantanana ifotony.

2. Fanentanana ny mpandray anjara sy ny mpisehatra rehetra

Avy eo dia entanina ny mpandray anjara rehetra mikasika ny hanaovana ny fanadihadiana.

Ny asa ho atao sy fandaharam-potoana ary ny fomba anatanterahana ny tombana anatiny dia zaraina mialoha amin'ny mpandray anjara sy ny mpitantsehatra rehetra. Ny tanjona dia ahafahan'ny rehetra miara-mahafantatra sy miomana.

Noho izany dia misy ny fivoriana voalohany fampahafantarana ny mpitantsehatra sy ny mpandray anjara rehetra fa hanatanteraka tombana anatiny Tondron'ny Fitantanana Ifotony ny Kaominina.

3. Fandaminana ny antotan-taratasy ilaina

Ny fitaovana rehetra ampiasaina sy ny antotan-taratasy rehetra mety ilaina dia omanina mialoha ary rehefa efa eo ampelantanana daholo izany vao atomboka ny tombana anatiny.

Ny tsirairay manana andraikitra sy ny sokajin'asa rehetra dia manana antotan-kevitra mifandraika amin'ny asany eo anivon'ny Kaominina Ireto avy izy ireo sy ny toerana mety ahitana azy (tsy voafetra):

Ben'ny tanàna na ny Lefiry ny Ben'ny tanàna

- Antotan-kevitra mahakasika ny teti-bola: teti-bola voalohany, kaontim-pitantanana, drafitra mirakitra vokatra azo sy ny fahombiazana,
- Fikilasiana mirakitra ny fanendrena sy ny didim-pitondrana,
- Raki-tsoratra ny fivoriana sy ny fanamarinam-pahatongavana,
- Antotan-kevitra sy antotan-taratasy momba ny tsena-barompanjakana,
- Drafitra fampandrosoana ny Kaominina, drafitra fanajariana ny tany, ary ireo antotan-kevitra hafa,

- Fifanarahampiaraha-miasa,
- Boky mirakitra ny mari-pandraisana sy famoahana taratasy

Filohan'ny Filan-kevitra

- Rejisitra fanapahana,
- Boky antotan-kevitra fampihavanana,
- DINA

Mpitam-bola Kaominaly

- Dika mitovy ny antotan-kevitra teti-bola (teti-bola voalohany, ny kaontim-pitantanana, ...)
- Boky mirakitra ny vola miditra kirakira sy Banky
- Boky be misy ny sora-bola isaky ny sokajy
- Boky kely misy ny kaonty mahazatra
- Taratasy sy fanamarihana izay manamarika ny fandoavam-bola sy ireo sandam-bola tsy miova
- Taratasy mirakitra ny fandaniana rehetra sy ireo fanamarihana fividianana fitaovana
- Fisy mirakitra ny fandoavana karama sy ny tombotsoa mpiasan'ny Kaominina
- Tatatasy mirakitra ny nandoavana mpiasa mpanao tao-trano, orinasa, mpanatanteraka asa
- Boky kely misy ireo kaonty kirakiraina sy fanaraha-maso ny taratasim-bola navoaka
- Taratasim-bola
- Taratasy mirakitra ny vola miditra sy mivoaka amin'ny kaonty Banky

Mpitahiry ny raharaha ara-pitantanana kaonty

- Boky mirakitra ny fitantanana fitaovana
- Boky kely mirakitra ny fanaraha-maso sy kajin'ireo entana manana fandaniana: fitaovana sy entana madinika
- Raki-tsuratra mikasika ny fanisana isan-taona
- Mpitantsuratra ny soram-piankohonana
- Rejisitra ny soram-piankohonana
- Lisitra manaraka ny ABD
- Lisitra dimy taona mifanaraka

Ny antotan-kevitra izay mila jerena sy angonina avy any ivelany dia tsara ny manangona sy manomana izany mialoha

- Kisary mahakasika ny fampianarana
- Fisy misy sy mirakitra fanadihadiana
- Kisary mahakasika ny fahasalamana
- Antotam-baovao momba ny rano fidiovana sy fahadiovana
- Antotan-kevitra ankabobeny isaky ny sehatr'asa fampandrosoana
- Fanadihadiana INSTAT

4. Fametrahana ny ekipa mpandray anjara

SOSON-KEVITRA AMIN'NY FITSINJARANA ASA HANAOVANA NY TOMBANA ANATINY

Ny lehiben'ny ekipa tsirairay no tompon'andraikitra amin'ny fijerena mivantana sy mitarika ny fivoriana, mitatitra ireo fanontaniana ary mameo ao amin'ny tahiry fanombanana. Afaka miantso olona hanampy azy ny lehiben'ny ekipa isaky ny lohahevitra raha ilaina.

- ekipa mpandrindra: antontan'isa sy antontan-kevitra ankaboney sy avy amin'ny sehatra teknika (Ben'ny Tanàna na Solontena Voatendry)
- ekipa 1: fandraisana anjara, fampiatina, fitoviana (ADL)
- ekipa 2: fangaraharana sy tatitra ho an'ny vahoaka (ADL)
- ekipa 3: fanjakana tandalana (Ben'ny Tanàna)
- ekipa 4: fahombiazana sy fijerena ireo seha-pampandrosoana rehetra (TC)

Ho an'ny **rija-panontaniana manokana** dia eo ambany andraikitry ny teknisianin'ny kaominina:

- fitompoan-drahahaha kaominaly (MOC): ADL
- fitantanana kaonty sy fitantanam-bola (CGF): TC
- fanetsehana ireo loharanom-bolan'ny Kaominina: TC
- fitantanana ny soram-piankohonana (EC): SEC

Ny famoahana **tatitra mikasika ny tondrozotran'ny ODD** dia andraikitry ny Ben'ny Tanàna

Ny fandrafetana ireo ekipa hanao ny fanombanana anatiny dia miainga avy amin'ny tolo-kevitr'ireo teknisiana araka ny fahaiza-manaon'ny tsirairay sy ny andraikitra manandrify azy avy; amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny Ben'ny Tanàna kosa no anendrena azy raha tsy misy ilay olona voalaza etsy ambony.

Zarazaraina ankolafy mifanaraka amin'ny antotan-kevitra (fiches thématiques d'auto-évaluation) misy ireo lohahevitra IGL ny ekipa avy eo miara-mametraka ny fandaharam-potoana hifanarahana mahafaka ny tsirairay.

Ny ekipa tsirairay dia manao ny fijerena mivantana ary avy eo dia samy manangona ireo vondrona ifantohana (vondrona mpanatanteraka-mpanolotsaina sy vondron'ny olom-pirenena) hamaly ireo fanontaniana fanombanan-tena.

5. Fanofanana sy fanomanana ny ekipa mpandray anjara tsirairay

Omen'ny mpandrindra na ny Ben'ny Tanana torolalana miendrika fanofanana ny ekipa tsirairay amin'ny fitarihana ny fanombanana anatiny IGL, ka toy izao ny fandaminana:

- Tompon'andraikitra iray (1) isaky ny ekipa;
- Mpanampy (tsy voafetra araka izay ilaina azy);
- Vondrona hadihadiana voalohany : solotena mpanatanteraka – mpanolotsaina (07 ka hatramin'ny 12 isa);
- Vondrona hadihadiana faharoa: solotena olom-pirenena na Rafitra Ifotony Fikaonan-doha. (07 ka hatramin'ny 12 isa)

Ny vondrona hadihadiana dia hampanrenesina mialoha hahafahany miomana amin'ny adi-hevitra.

Azo atao ny manatsotra ny fandaminana amin'ny alàlan'ny fanendrena olona vonona sy voakasika indrindra amin'ny loha-hevitra mba ho isan'ny mpivory anatin'ireo vondrona:

- Vondrona solontenan'ny tompon'andraikitra Mpanatanteraka sy ny Mpanolontsaina: Ben'ny tanàna, Ben'ny tanàna lefitra, sekretera, mpitambola, Filohan'ny filan-kevitra, Mpikambana ao amin'ny filan-kevitra.

Asa atao: Dinika mikasika ny vina sy drafitra momba ny fampandrosoana, fitarihana sy fampiroboroana ombon'antoka, sehatra ifanakalozana, olana momba ny fitantanana ny kaominina, antontan'isa momba ny fitondrana ifotony sy fitantanana mahomby ary ny vahaolana eritreretina amin'izany.

- Vondrona Solontenan'ny Olom-pirenena :

Ny solontenan'ireo olom-pirenena araky ny rafitra eo an-toerana (SLC na RIF, FRAM, COSAN, Fikamban'ny Mpivaratra, AUE, AUP, sns), solontenan'ny fokontany, mpiasa ao amin'ny sehatry ny fanabeazana, mpiasa ao amin'ny sehatry ny fahasalamana, ny sehatra tsy miankina, Ray amandreny eo an-tanana.

Asa atao: Fanamarinana sy ady hevitra mikasika ny vokatry ny fijerena mivantana, fijerena ny tena fahafampon'ny vahoaka mikasika ny asan'ny kaominina amin'ny fanomezana ireo tolor'asa sosialy fototra (services sociaux de base) sy ny fomba fahitany mahakasika ny kalitaon'ny fitantanana atolotry ny mpitontra eo anivon'ny Kaominina.

Misy ny fangatahana fihaonana isan-karazany mba ahafahana mandrindra tsara ny fizotry ny asa amin'ny:

- ◊ Fanangonana antontan'isa (ny fanontaniana mikasika ny sehatra teknika dia mila fanantonana ireo Sampandraharam-panjakana);
- ◊ Fiantsoana favoriana ho an'ny vondrona solontenan'ny Mpanatanteraka – Mpanolotsaina;
- ◊ Fiantsoana favoriana ho an'ny vondrona solontenan'ny olo-pirenena.

6.3.2. Fanatanteraha

Amin'ny endriny sy fomba samihafa no hanaovana ny fanadihadihana

1. Fijerena Mivantana :

Ireo antontan-taratasy voarakitra eo anivon'ny Kaominina, Distrika sy ny STD; peta-drindrina mirakitra ny fanapahan-kevitra kaominaly sy ny asa atao'ny Kaominina,

Ny fomba fahazoan'ny olom-pirenena vaovao, mangarahara, fahafahana misitraka ireo asa fototra ho an'ny vahoaka, fahombiazana sy tanjaka ara-bolan'ny kaominina, fampidirana ireo fampandrosoana isan-tsokajiny.

Ny fijerena mivantana dia mitaky fandinhana sy fitandremana.

Ny valin'ny asa atao dia raketina ao anatin'ny andiam-panontaniana mahakasika azy avy.

2. Aorian'ny fijerena mivantana, misy **ny loabary na favoriam-bondrona** misy olona 7 ka hatramin'ny 12 izay misolo tena ireo iantefan'ny fanontaniana. Ho an'ireo lohahevitra isan-karazany dia misy:

- ◊ ireo fanontaniana apetraka amin'ireo manampahefana kaominaly (mpanatanteraka sy mpanolotsaina) mikasika ny zavatra hita tamin'ny fijerena mivantana.
- ◊ ireo fanontaniana izay miantefa indrindra amin'ireo solontenan'ny mponina mikasika

ny fahafaham-pony amin'ny fitantanana ny raharaha kaominaly.

Adika madio ny valin'ny dinidinika tsirairay ary hamarinina tsara ao amin'ny **takelaka fanadihadiana** ny **fanamarihana** sy ny **fanehoan-kevitr'ireo mpandray anjara** isaky ny lohahevitra fanombanana.

6.3.3. Fandrafetana ny Drafitr'asa Fanarenana

Rehefa vita ny asa nataon'ny ekipa tsirairay dia:

1. Haravina ny vokatra rehetra ka ny **antontan-kevitra voangona** sy ny **fanamarihana avy amin'ireo fanehoan-kevitr'ireo vondrona mpandray anjara** dia voamarika tsara ao amin'ny tatitry ny dinidinika.

2. Miroso amin'ny fanomezana ny naoty izay atao toy izao:

- Rija-panontaniana mahakasika ny fandraisana anjara, tsy fanavakavahana, fitoviana: /100
- Rija-panontaniana mahakasika ny fomba fiasa mametraka fangaraharana sy tatitra ary tamberin'andraikitra: /150
- Rija-panontaniana mahakasika ny fampiharana ny fanjakana tan-dalana: /150
- Rija-panontaniana mahakasika ny fahombiazana ara-pitantanana sy ny fijerena ireo seha-pampandrosoana rehetra: /600

Ny fanomezana naoty sy fanambarana ary ny fikajina dia atao aorian'ny famenoana ireo fisy fanangonana ny hevitra sy ny valin-teny izay vita soamantsara.

Ny **naoty isaky ny ekipa** dia tondro anehoana ny **zavabitany kaominina isaky ny lohahevitra** ka ahafantarana ny **ezaka tokony hatao ho fanatsarana**, rehefa izany dia atambatra any amin'ny mpandrindra mba hamoahana ny salan'isa.

Aorianan'ny fanomezana naoty dia hita ny **lesoka isan-karazany** eo amin'ny loha-hevitra sy ny zana-dohahevitra ka izany dia ahafahana mijery ny soson-kevitra izay mety ho vaha-olana atolotr'ireo vondrona mpanatanteraka sy mpanolotsaina ary ireo vondrona olom-pirenena. Haravin'ny kaominina izany mba ho volavola **drafi-panarenana**.

Miantso fivoriana ny mpandrindra (Ben'ny Tanàna) iarahan'ireo mpandray anjara rehetra tamin'ny tombana : kaominina, ny distrika miaraka amin'ireo sampandrahara arapanjakana anampariaham-pitondrana (STD) ary ny solontenan'ny vahoaka (rafitra ifotony fikaonan-doha na SLC), mba **hametrahana paik'ady ho fanatsarana** ny naoty sy ho **fanitsiana ny fitantanana** ny raharaha kaominaly, avy amin'izany no hankatoavana ny **drafitr'asa fanarenana** izay ho tanterahana eo anivon'ny kaominina.

6.3.4. Fanambarana ny vokatry ny tombana anatiny ary ny drafitr'asa **laharam-pahamehana ho fanarenana ireo lesoka**

Amin'ny famaranana ny fanaovana ny tombana anatiny dia misy fihaonana iray iarahan'ny hery velona rehetra ho fampahafantarana ny vokatra azo, fanolorana naoty ary fizarana ny drafitr'asa fanarenana.

Eo ihany koa no hitsinjarana **ny andraikitra sy ny toerana tazomin'ny mpisehatra tsirairay avy** ho fanatanerahana ny drafitra fanarenana (kaominina, distrika, STD, SLC, Fiarahamonim-pirenena, sehatra tsy miankina, sns.).

Apetraka amin'io fihaonana io ny fotoana hifanarahana amin'ny fanaovana ny tombana manaraka mba ahafahana mijery ny fivoaran'ny ezaka fanarenana natao.

6.3.5. Fanaraha-maso sy fanombanana ny ezaka

Ny fanombanana anatiny dia atao isan-taona farafahakeliny mba hamaritana ny fivoaran'ny toe-draharaha eo amin'ny Kaominina sy ahafahana manara-maso ny fivoaran'ny drafitra fanarenana iraisana.

Ny vanim-potoana mety hanaovana ny tombana anatiny dia mandritra ny volana Jolay, mba hifanaraka amin'ny fotoana mialoha ny fandrafetan'ny Kaominina ny teti-bola ho an'ny taona manaraka (Tetibola n + 1).

7. FOMBA FANOMEZANA NAOTY

Mizara roa amin'ny ankapobeny ny endri-panontaniana izay hanomezana naoty dia:

- ◊ Ny fanontaniana misokatra, izay sady omena naoty no azo itondrana fanazana na fanamarihana (tsy mihoatra izay naoty efa voatondro ao anaty fafana no azo omena). Ny fomba ahafahana mamaly ireo fanontaniana apetraka amin'izany dia mizara telo mazava tsara: ny voalohany dia amin'ny alalan'ny fijerena mivantana na ny hitan'ny maso; ny faharoa dia miantefa amin'ireo tompon'andraikiry Kaominina (Ben'ny tanàna, lefitry ny Ben'ny tanàna, Mpitam-bola Kaominaly, Soram-piankohonana) ary ny fahatelo kosa dia apetraka amin'ny solontenan'ny vahoaka mpisitraka ny tolotra eny anivon'ny Kaominina ka mety ho mpikambana ao anaty Rafitra ifotony fikaonan-doha na vondron'olona notsongaina no ametrahana izany, nefo mety ho olo-tsotra koa.

Fanamarihana: Ny fomba famenoana na fanomezana ny naoty dia miainga avy any amin'ny ilany ankavanana ao anatin'ny fafana, nefo tsy mahazo mihoatra ny naoty efa misy eo ankaviany.

- ◊ Ny fanontanina mihidy kosa dia valiana Eny na Tsia, ka ny Eny dia omena isa 1 ary ny Tsia omena 0.

Fanamarihana: Ny naoty avy amin'ny rijam-panontaniana manokana (fanontaniana mahakasikany: fitompoan-draharaha kaominaly; teti-bola sy fitantanam-bola ary fitantanana kaonty; fanetsehana ireo loharanom-bolan'ny kaominina; ny sora-piankohonana eo anivon'ny Kaominina) dia entina ao anatin'ny raki-panontaniana hitrandrahana ny antontankevitra fahombiazana sy fijerena ireo seha-pampandrosoana rehetra (D); fanjakana tandalàna (C)

8. VOAM-BOLANA SY FANAZAVAN-TENY

Teti-bolan'ny mponina:

Famintinana ny teti-bola (vola miditra sy mivoaka) manana endrika boky kely izay zaraina sy omena ny mponina.

II. FITAOVANA HANAOVANA NY TOMBANA ANATINY

I. RIJAM-PANONTIANANA MANOKANA

1.1. FITOMPOAN-DRAHARAHA KAOMINALY (Tompon'Andraikitra : Ben'ny tanàna - Mpitam-bola sy kaontin'ny Kaominina – Mpitana kaonty) Alefa amin'ny loha-hevitra C2 FM 103 ny salan'isa azo.				
FARITRA:				
DISTRIKA:				
KAOMININA: KAOMININA AMBANIVOHITRA SOKAJY II				
MPANDRAY ANJARA	Ben'ny tanàna	Lefitra ny Ben'ny tanàna	TC	AT
LAH	FANONTIANANA	(ENY = 1; TSIA = 0)	NAOTY	
A	FAMOLAVOLANA TETIK'ASA (ELABORATION PROJET)			
1	Nivoaka avy amin'ny rafitra fakan-kevitra ve ny famolavolana tetik'asa hotanterahina?	ENY	TSIA	
2	Voarakitra ao anaty tetik'asa ve ny olàna fototra (Causes du Problème) ?	ENY	TSIA	
3	Voarakitra ao anaty tetik'asa ve ny Mpahazo tombotsoa (Bénéficiaire)?	ENY	TSIA	
4	Voarakitra ao anaty tetik'asa ve ny Vokatra andrasana (Indicateurs effets/Impacts)	ENY	TSIA	
5	Voarakitra ao anaty tetik'asa ve ny Teti-bidin'ny tetik'asa (Devis estimatif)	ENY	TSIA	
6	Voarakitra ao anaty tetik'asa ve ny Paik'ady fikojakojana ny tetik'asa (Stratégie d'entretien)	ENY	TSIA	
7	Nisy fankatoavan'ny Filankevitra ve ny fanapahana ny fanaovana ny tetik'asa?	ENY	TSIA	
8	Voarakitra anaty Programme d'Investissement Triennal na anaty PCD ve ny Tetikasa kasaina atao?	ENY	TSIA	
9	Voarakitra ao anaty teti-bola daholo ve ny fandaniana rehetra mahakasika ny tetikasa (Fournitures, Travaux, Services, Consultants)	ENY	TSIA	
10	Voarakitra ao anaty tetik'asa ve ny faharetan'ny asa atao?	ENY	TSIA	
NAOTY SOKAJY A		/10		

B-1	FANOMANANA SY FANAOVANA TOLO-BIDY (PREPARATION ET PASSATION DES MARCHES) (MPITAO RAHARAHA AN-TSAINA/FOURNISEURS/TACHERON/ENTREPRISE)	NAOTY		
11	Notendrana ara-taratasy tamin'ny fiantombohan'ny taona ve ny mpikambana ao amin'ny CAO? (Désignation officielle)	ENY	TSIA	
12	Nanao "declaration sur l'honneur" hanao tsara ny asany an-kitsipo ve ny mpikambana voatendry ao anaty CAO?	ENY	TSIA	
13	Nametraka rafitra UGPM ve ny Kaominina? (Désignation officielle)	ENY	TSIA	
14	Manana Draftra fandrindrana ny Tolo-bidy ve ny Kaominina ? (Plan de passation des marchés)	ENY	TSIA	
15	Nanao fampahalalàna ankabobeny ny tolo-bidy kasaina atao eo anivon'ny Kaominina ve ny Kaominina? (Avis général de passation de marchés)	ENY	TSIA	
16	Nanangana CAO manokana isaky ny tolo-bidy atao ve ny Kaominina? (CAO par marché)	ENY	TSIA	
17	Nanomana Antotan-taratasy mazava momba ny fiantsoana mpifaninana ve Kaominina? (DC, DAO)	ENY	TSIA	
18	Voahaja ve ireo fem-potoana faharetan'ny tolo-bidy (durée consultation, durée appel d'offres)	ENY	TSIA	
19	Nisy Fitana an-tsoratra ve ny fandraisana ireo antotan-taratasy voaray momba ny tolo-bidy (Doissiers MI, Offres)	ENY	TSIA	
20	Nisy fitanana an-tsoratra ve ny Fanokafana antotan-taratasy voaray momba ny tolo-bidy (Doissiers MI, Offres)	ENY	TSIA	

21	Nisy tatitra fitànana an-tsoratra ve ny fitsirihina ireo antotan-taratasy voaray momba ny tolo-bidy sy ny fifantenana ny mpandrahara omena ny tsena (Doissiers MI, Offres)	ENY	TSIA	
22	Nanao fampahafantàrana ny fahazoana ny tsena ho an'ny mpandrahara voafidy ve ny Kaominina? (Notification de marché)	ENY	TSIA	
23	Nanao fampahafantàrana ny valin'ny tolobidy tamin'ny mpandrahara nifaninana ve ny Kaominina?	ENY	TSIA	
24	Nanao fifanarahana voasonia niaraka tamin'ny mpandrahara ve ny Kaominina momba ny fanatanteraha ny asa? (Contrat/marché)	ENY	TSIA	
25	Nalefa natao fitsirihina ny maha-ara-dalàna azy ve izany fifanarahana izany? (contrôle de légalité du contrat/marché)	ENY	TSIA	
B-2	TOLO-BIDY HISAFIDIANANA NY MPITAO RAHARAHA AN-TSAINA			
26	Nanomana Antotan-taratasy mazava momba ny fiantsoana mpitao raharaha an-tsaina hampifaninanana ve ny Kaominina? (Appel à Manifestation d'intérêt)	ENY	TSIA	
27	Voahaja ve ny faharetan'ny ny fiantsoana haneho fahavononana? (Durée de l'AMI) (affichage10 andro farafahakeliny)	ENY	TSIA	
B-3	FIVIDIANANA MIVANTANA (ACHATS DIRECTS)			
28	Nisy fifanarahana/ bon de commande ve tamin'ny mpandrahara nanaovana fividianana entana mivantana tsy nisy fifaninanana (jerena ny code de marchés publics dia apetraka ny seuil)	ENY	TSIA	
29	Nisy Faktiora ve nankatoavina nandoavana ny vola navoaka tamin'izany?	ENY	TSIA	
	NAOTY SOKAJY B	/19		

C	FANANTANTERAHANA ASA (BUREAU D'ETUDE/FOURNISEURS/TACHERON/ENTREPRISE)	NAOTY		
30	Nanome baikom-panombohana ny asa ve ny Kaominina? (Notification Ordre de service de démarrer les travaux, commencer la prestation et livrer les fournitures)	ENY	TSIA	
31	Araka ny famaritana sy ny fatran'ny ny asa nangatahina ve ny asa vita? (Conformité aux spécifications et aux quantités)	ENY	TSIA	
32	Nanao taratasy fanamarinam-pahavitan'ny sokajin'asa ve ny Kaominina alohan'ny hanomanana ny fandoavam-bola? (Attachments, travaux et tacherons)	ENY	TSIA	
33	Nankatoavin'ny Kaominina (Ben'ny tanàna, mpitantanana fifanarahana, Bureau d'étude) ve ny Taratasim-pandoavam-bola (Attachments, Facture) alohan'ny nandoavam-bola? (Entreprise / tâcheron)	ENY	TSIA	
34	Natao virement bancaire ve ny fandoavam-bola ho an'ireo orinasa na ho an'ireo olon-tsotra ka mihoatra ny 600 000 ariary?	ENY	TSIA	
35	Noesorina tamin'ny facture ve ny 8% (TVA manokana ho an'ny tsenambarom-panjakana latsaky ny 200 tapitrisa d'ariary, code général des impôts 06.02.01 sy ny manaraka)	ENY	TSIA	
36	Narotsaka any amin'ny ivon-ketra ve io 8% io?	ENY	TSIA	
37	Voahaja ve ny fe-potoana voafaritra ny fifanarahana hamitana ny asa? (Délai d'exécution des travaux ou des prestations, délai de livraison)	ENY	TSIA	
38	Nanangana Comité de réception ve ny Kaominina isaky ny tolo-bidy natao ?	ENY	TSIA	
39	Nanao Fandraisana ara-teknika ve ny teknisiana sy ny orin'asa mpanorina? (Réception technique)	ENY	TSIA	
40	Nanatanteraka Fandraisana vonjimaika ve ny Kaominina sy ny Mpandrahara? (Réception provisoire)	ENY	TSIA	
41	Nanatanteraka Fandraisana tanteraka ve ny Kaominina sy ny Mpandrahara ? (Réception définitive)	ENY	TSIA	
	Nisy fiaraha-miasa tamin'ny STD ve tamin'ny (fiche de presence, tatitra...):			
42	Famolavolana ny tetik'asa?	ENY	TSIA	

43	Fanatanterahana ny tetik'asa?	ENY	TSIA	
44	Fandraisana sy fanaraha-maso ny tetik'asa?	ENY	TSIA	
NAOTY SOKAJY C		/15		

D	TONTOLO IAINANA SY SOSIALY MIFANDRAIKA AMIN'NY TETIK'ASA (SAUVEGARDE ENVIRONNEMENTALE ET SOCIALE DU PROJET)	NAOTY	
45	Tsy nampiasa olona ivelan'ny ora fiasàna ara-dalàna ve ny Mpiantoka ny asa?	ENY	TSIA
46	Tsy niteraka tabataba ve ny fanatanterahana ny asa ka hitarika tsy filaminana eo anivon'ny fiaraha-monina manodidina?	ENY	TSIA
47	Nanao ezaka tsy hiteraka fahalotoan'ny rivotra, ny nofon-tany, ny rano nohon'ny fisian'ny tetik'asa ve ny Mpiantoka asa na ny kaominina	ENY	TSIA
48	Nandray ny fepetra hiarovana ny tontolo iainana ve mahakasika ireo toerana hitrandrahana akora fanorenana toy ny fasika, vato, vatokely, tany mena...?	ENY	TSIA
49	Nanao ezaka hanao fanentanana ny fokonolona manodidina sy ny mpiasa iray tarika aminy ve ny mpiantoka asa momba ny ady atao amin'ireo aretina azo avy amin'ny firaisansa?	ENY	TSIA
50	Nanaja hatrany ireo faritra natao ho tandrovina mba hiarovana ireo loharano, fatsakàna na vovon-drano tsy ho azon'ny loto (tokony ho halavirina ireny singa ireny mandritry ny fanatanterahana ny asa)?	ENY	TSIA
51	Nampiasa fitaovana fiarovana ve ny mpiasa (kiraro aro tongotra, aro loha, aro tanana...) ary omena fitaovana ampy ve izy ireo? (mifanarakana amin'ny isan'ny mpiasa)?	ENY	TSIA
52	Nampiasa lavapiringa ve ny mpiasa?	ENY	TSIA
53	Ampy taona avokoa ve ny mpiasa nampiasain'ny Mpiantoka asa na ny kaominina (HIMO)?	ENY	TSIA
54	Najain'ny Mpiantoka asa avokoa ve ireo fomban-tany misy eo amin'ny toerana hanaovana ny asa?	ENY	TSIA
55	Notandrovin'ny Mpiantoka asa sy ireo mpiasa ve ny filaminana ara-piaraha-monina mba hisorohana ny heriseta isan-karazany?	ENY	TSIA
56	Namerina amin'ny laoniny ireo toerana rehetra voakorontana noho ny fanatanterahana ny tetikasa ve ny Mpiantoka asa na ny kaominina?	ENY	TSIA
57	Misy lava-piringa ve ny trano namboarina (sekoly, tsena, CSB, tranompokonolona, birao)?	ENY	TSIA
58	Misy vatsin-drano ve ao amin'ny trano namboarina (lavadrano – barika – bidon...)?	ENY	TSIA
59	Misy lava-pako mifefy na dabam-pako ve ao amin'ny trano namboarina?	ENY	TSIA
60	Misy tatatra fanarian-drano ve tamin'ny foto-drafidr'asa namboarina?	ENY	TSIA
61	Misy faritra voaaro ve hiarovana ny loharano tamin'ny fanamboarana lava-drano (périmètre de protection)?	ENY	TSIA
62	Misy mpiandraikitra ny fitarainana mahakasika ny tetik'asa ve ?	ENY	TSIA
NAOTY SOKAJY D		/18	

NAOTY OMENA NY KAOMININA

Naoty: /62 (isa azon'ny ENY x 100 / 62) = SALAN'ISA:.....%	ENY	
Tena ratsy, tsy nahafapo, mitaky ezaka be ho fanatsarana ny asa	E	<20%
Ratsy, mitaky ezaka ho fanatsarana ny asa	D	21-40%
Eo eo ihany, voahaja amin'ny ampahany ny sori-dalana nomena	C	41-60%
Tsara, voaharaka amin'ny ankapobeiny ny sori-dalana nomena	B	61%-80%
Tena Tsara ary nahafapo, voahaja ireo sori-dalana rehetra nomena	A	>81%

1.2. TETI-BOLA SY FITANTANAM-BOLA ARY FITANANA KAONTY
 (Tompon'andraikitra : Ben'ny Tanana - Mpitam-bola sy kaontin'ny Kaominina – Mpitana kaonty)
 Alefa any amin'ny loha-hevitra C3/FM 104 ny salan'isa azo

FARITRA:

DISTRINKA:

KAOMININA:	KAOMININA AMBANIVOHITRA SOKAJY II		
------------	--------------------------------------	--	--

MANDRAY ANJARA: □ Ben'ny Tanana □ Lefitra □ Teknisiianina □ TC □

LAH	FANONTANIANA	(ENY = 1; TSIA = 0)		NAOTY	
A	FANOMANANA NY TETI-BOLA				
1	Tamin'ny niatombohan'ny taona, ny Kaominina ve manana teti-bola fotora (budget primitif) mazava sy nahazo fakantoavan'ny Mpanolon-tsaina?	ENY	TSIA		
